# 13 NY FEHEZANTENY

## TANJONA

- Mamaritra ny fehezanteny sy ny fomba anavahana azy.

## LESONA HOTADIDIANA

Ny fehezanteny dia andian-teny na tohin-teny miantomboka amin'ny sora-baventy ary miafara amin'ny teboka, ahitana ny anjara asa EM sy L izany hoe mahalaza hevitra feno ary vakina amin'ny feo miakatra sy midina.

Ohatra : Miaro antsika amin'ny aretina maro ny fanasana tanana matetika amin'ny savony.

Milalalo baolina ny ankizy.

Ny Enti-milaza (EM) dia ny teny maneho ny asa na toetra na toe-javatra, manana ny anjara asa fototra, vakina amin'ny lantom-peo miakatra ao anatin'ny fehezanteny.

Ny Lazaina (L) dia ilay teny maneho izay manatanteraka ny asa, ny toe-javatra na ny toetra ao anatin'ny fehezanteny.

Ohatra: F1: <u>Mampiditra fanamiana</u> <u>ny mpilalao</u>.

EM L

F2: <u>Mitabataba</u> <u>ny mpijery.</u>

EM L

Misy karazany ny fehezanteny :

→ Fehezanteny tsotra

Ohatra : Mikarakara ny zanany ny ray aman-dreny.

→ Fehezanteny mandidy

Ohatra : Anaovy hatrany ny aro vava orona !

→ Fehezanteny manontany

Ohatra : Rahoviana ianao no ho tonga ?

**Sahanasa 1**

Alamino ireto tohin-teny ireto mba hahazoana hevitra mazava sy ho tonga fehezanteny;

F1: Rabary eo am-baravarankely mitazana.

..................................................................................................................

F2 : Mpianatra tsara mianatra ny mazoto.

..................................................................................................................

F3: I salama tsy kely Lita.

..................................................................................................................

F4: Bema tsara efitranon'i madio ny.

..................................................................................................................

## Sahanasa 2

Mariho eo ambanin'ireto fehezanteny ireto ny Entimilaza sy ny Lazaina ary apetraho ny lantom-peo :

- Milalao baolina ny ankizy.
- Nahazo fandresena isika rehetra.
- Mianatra mafy ireo mpanala fanadinana.

## Sahanasa 3

Fenoy ny fafana

| Fehezanteny tsotra | Fehezanteny mandidy | Fehezanteny manontany |
|---|---|---|
| Manasa tanana amin'ny rano sy savony izy. | | |
| | Arovy ny tontolo iainana ! | |
| | | Rahoviana ianao no handalo aty aminay ? |